MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE
SECRETARIAT GENERAL
DIRECTION GENERALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
**DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR PUBLIC et PRIVE**
Service d'Appui au Baccalauréat

BACCALAUREAT DE L'ENSEIGNEMENT GENERAL

SESSION 2016

***************

A

**Série** : A

**Code matière** : 005

**Epreuve de :** MALAGASY
**Durée** : 03H30
**Coefficient :** 4

***********

N.B. : - Tsy maintsy atao ny laza adina I
- Isafidianana ny laza adina II

**LAZA ADINA I : Tsy maintsy atao** **(Isa 6)**

1 - Inona no maha-kanto an'ity ampahan-tononkalo ity ?
(valiny telo)

Ilay fasako, fasako ihany,
Fa ny foko dia fasana koa,
Io no fasako ivelan'ny tany,
Io no fasako iray, faharoa.

J.J. RABEARIVELO, Amboara voafantina, tak.85

2 - Manomeza ohabolana na oha-pitenenana telo mikasika ny "aina" ary takaro avy amin'izany ny hevitra fonosiny.

**LAZA ADINA II : Isafidianana ny A sy ny B** **(Isa 14)**

A - **FAMAKAFAKAN-KEVITRA** :

Hoy ny mpandinika iray : "Amin'izao andron'ny fandrosoana izao, dia tsy ilaina intsony ny mpanoratra fa mpandrebireby ny saim-bahoaka fotsiny."

**Fakafakao sy tsikerao.**

B – **FANADIHADIANA LAHATSORATRA** :

Manana izay heveriny ho zava-dehibe eo amin'ny fiainany ny firenen-tsamy hafa eto an-tany ary miankina indrindra amin'ny fijeriny ny fiainana izany. Ka dia mba manana ny azy koa ny Malagasy. Ary araka ny fijeriny ny fiainana, dia "ny fanahy" ny azy no itarafany ny "maha-olona." Fa hoy izy raha milaza izany : "ny fanahy no olona" na "ny fanahy no maha olona".

Kanefa tsy ireny "fanahy" voalazan'ny mpivavaka ireny loatra aloha no ao an-tsainy amin'ity hoe "Fanahy no olona " ity. Fa ny tiany holazaina amin'izany dia ny fomba amam-pitondran-tena, ny fifandraisana amin'ny namana, ny fihetsika aseho vahoaka, ny toetra araka izay hahitan'ny mpiara-monina azy. Amin'ny Malagasy dia izany fihetsika sy fomba amam-panao izany no mahaolona na sanatriavina mahabiby.

Koa raha misy manana toetra tsara sy maha te hidera dia izany olona izany no dokafany ho "tena olona" iny. Fa raha misy kosa olona tsikariny sady hitam-poko, hitam-pirenena fa tena manana fihetsika sy fitondran-tena mamoafady dia tsy mihambahamba akory ny Malagasy manondro azy ho "biby iny fa tsy olona". Izany no mampiseho fa tena zava-dehibe amin'ny Malagasy mihitsy ity toe-panahy ifandraisana amin'ny namana ity.

FETY Michel, in. Fanabeazana sy fiainam-pirenena, 1972

**Hadihadio io lahatsoratra io.**

oooooooooooooooo